# IZAY TOKONY HAHATAMANA AO AMIN'NY FPMA.

## ➲ <u>TSIAHY FOHY MOMBA NY TANTARAN'NY FPMA</u>

Tamin'ny taona 1900, nandritra ny Exposition Universelle natao tao Paris, no nisy Fotoam-bavaka voalohany tamin'ny teny Malagasy natao taty Frantsa. Saika vazaha ny ankamaroan'ny mpandray anjara tamin'ny exposition, fa ireo Malagasy vitsivitsy izay sambany tamin'ny ankamaroan'izy ireo no nivoaka taty ivelan'i Madagasikara, ary tonga taty amin'ny tanin'ny firenena mpanjanaka, dia nitodika tamin'Andriamanitra ka nanokana fotoana fohy nivavahana tamin'ny fiteny malagasy. Fa ny Fanompoam-pivavahana natao tamin'ny teny Malagasy voalohany, dia tao Saint-Raphaël du Var, tamin'ny taona 1917, nandritra ny Noely. Ireo miaramila malagasy tonga nanampy an'i Frantsa nandritra ny ady Lehibe voalohany Iraisam-pinoana izany fanompoam-pivavahana izany. Ny Pasteur Galland, nampian'ny evanjelistra malagasy Rafilipo izay nilatsaka an-tsitrapo ho miaramila tonga taty Frantsa, no nitarika. Nanatrika tao koa Mompera Venance Manifatra. Nihoaran'ny Malagasy tamin'izany ny pôlitikan'ny mpanjana-tany natsangan'i Gallieni hoe «zarazarao hanjakana». Hatrany am-piandohana dia natao hampiray ny Fiangonana. Taorian'ny Ady Lehibe faharoa indray dia nangonin'ny Misionera Jean-François Vernier ny Malagasy mpianatra sy ny miaramila. Natsangana tao Montpellier tamin'ny taona 1946 ny Fiangonana Malagasy, zokin'ny Tafo rehetra ato amin'ny FPMA. Niorina tsy ela taorian'izany ny Tafo tany amin'ireo tanan-dehibe nisy mpianatra Malagasy. Hitan'ny Fiangonana tany Madagasikara fa nampiray tokoa sy nitaiza ny kristiana Protestanta Malagasy ireny tafo ireny, koa nanendrena Mpitandrina Mpitaiza (Pasteur Aumônier), nanomboka tamin'ny taona 1953. Voalohany tamin'izany Pasteur Daniel Ralibera, nodimbiasan'i Pasteur Ramilijaona sy Pasteur Ramahay. Tamin'ny taona 1959, nivory tany Villemetrie ireo tafo 8 voalohany, ka natsangana tamin'izany ho tonga Fiangonana fa tsy fitaizam-panahy fotsiny toy ny teo aloha, ny FPMA. Rehefa nitsangana ny FPMA tamin'ny taona 1959, dia Atoa Michelson RAMANANKASINA no Filohany voalohany. Hatrany am-piandohana, araka izany, dia *naorina hampivondrona ny protestanta malagasy rehetra ny FPMA. Ny maha-Fiangonana protestanta miray azy (Église protestante unie) dia tsy vao tanjona nokendrena hotratrarina taty aoriana, fa isan'ny antom-pisiany hatrany am-piandohana mihitsy*.

Ny Synôda Lehibe faha-26 nataon'ny FPMA tany La ROCHETTE MELUN tamin'ny taona 1998 no nanapa-kevitra momba ny Lalam-panorenana (Constitution) FPMA. Satria **milaza ny antom-pisian'ny FPMA izany Lalam-panorenana izany**, na dia efa notapahin'ny Synoda Lehibe faha-32 natao tany MONTPELLIER fa tsy ho tazonina intsony aza fa aravona ao anatin'ny Lalàna Fototra (Statuts), dia mipetraka ho tahirin-kevitra mandrakariva kosa io Lalàna fototra io mba ho enti-mandalina momba ny fiainan'ny FPMA.

Ao anatin'io Lalam-panorenana io no mirakitra ny **FANAMBARAM-PINOAN'NY FPMA (Profession de foi)** amin'ny maha-Fiangonana azy. Ny Fiangonana tsirairay manko dia tsy maintsy manana ny Fiekem-pinoany, ary ao anatin'ny Rafitra (Structure) maha-Fiangonana azy izany. Vao tamin'ny Synôda Lehibe faha-34 farany teo izay natao

tany Villeneuve-lès-Avignon vao nampiharina ny Fanambarana ampahibemaso izany Fiekem-pinoana izany teo amin'ny fanombohan'ny Synôda (*noho ny tsy fahalalana dia ny Fanekem-pinoana apostolika foana no natao isaky ny manomboka ny Synôda, kanefa tsy izany no tokony ho izy).* Mba ho fampahalalana dia indro averina ireo FANAMBARAM-PINOAN'NY FPMA ireo :

Ny FPMA dia:

1. Mino an'Andriamanitra Ray, Jesoa Kristy Zanany, ary ny Fanahy Masina
   *Croit en Dieu le Père, en son Fils Jésus Christ et en l'Esprit Saint.*

2. Mino sy manaiky fa Jesoa Kristy no Tompo, Andriamanitra ary hany Mpamonjy tokana izao tontolo izao.
   *Croit et reconnaît que Jésus Christ est Seigneur, Dieu et unique Sauveur du monde.*

3. Mino sy manaiky fa ny Filazantsara dia Herin'Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino.
   *Croit et reconnaît que l'Évangile est la Puissance de Dieu pour le Salut de tous les croyants.*

4. Manaiky sy mampianatra ny mpikambana ao aminy fa ny Tenin'Andriamanitra, voarakitra ao amin'ny Soratra Masina, Fanekempihavanana taloha sy Fanekempihavanana vaovao, no loharano sy fitsipika anankinany ny finoany, ny fiainany, ny fotopinoany sy ny asany.
   *Reconnaît et enseigne à ses membres que la Parole de Dieu, contenue dans les Saintes Écritures, Ancien Testament et Nouveau Testament, constitue pour elle la source et la règle sur lesquelles s'appuient sa foi, sa vie, sa doctrine et ses oeuvres.*

5. Manaiky ary mandray ho an'ny tenany ny Fiekem-pinoana iombonan'ny Fiangonana manerana izao tontolo izao (*Fiekem-pinoana ekiomenika*), dia ny *Fiekem-pinoana apostolika*, ny *Fikem-pinoana tany Nisea* ary ny *Fiekem-pinoan'i Athanase*.
   *Reconnaît et adopte la Confession de foi commune à l'Église Universelle (Symboles Œcuméniques) que sont le Symbole des Apôtres, le Symbole de Nicée et le Symbole d'Atanazie**

6. Mankato ny mandray ny famoahan-kevitry ny Filazantsara araka ny soratra navelan'ireo Mpanitsy Fivavahana, indrindra fa ny *Confession de foi d'Augsburg invariata* sy ny *Confession de foi de La Rochelle.*
   *Approuve et adopte l'interprétation de l'Évangile selon les écrits des réformateurs, notamment la Confession de foi d'Augsbourg invariata et le Confession de foi de La Rochelle.°*

<u>Fanamarihana</u> : Naverinay eo ambany ny dikanteny frantsay araka ny niraketana azy eo amin'ny article 3 ao amin'ny Chapitre I – FONDEMENT DE LA FPMA- ao amin'io Lalam-panorenana (Constitution) FPMA io. Izahay no nandika azy ho teny Malagasy nampiasaina tany amin'ny Synoda Lehibe faha-34. Ireo nasianay marika eto dia voalohany * fanitsiana fa diso ny nosoratan'ny mpandika tao amin'ny Lalam-panorenana. Tsy misy mihitsy anaran-tanàna na firenena hoe "Atanazie", fa

anaran'olona nandrafitra ny fiekem-pinoana ny hoe Athanase. Ny fanamarihana faharoa° dia milaza fa hatrany am-piandohana dia efa Fiangonana miray (sady Loterana no Réformée) ny FPMA, koa izany no nandraisany ny *Confession d'Augsbourg invariata* izay iombonan'ny Loterana rehetra, ary ny *Confession de foi de La Rochelle* an'ny Protestanta Réformé.

**Tamin'ny taona 1960, raha vao nitsangana ny FIOMBONAN'NY FIANGONANA PROTESTANTA ANY MADAGASIKARA (FFPM)** nisolo ny Conférence Intermissionnaire teo aloha, **dia nanaiky ny fiorenan'ny FPMA,** ary tamin'ny Komitin'ny Protestanta (KP) natao tao Antsirabe tamin'ny taona 1996 dia nomena fahaleovantena ny FPMA.

Ho famaranana ity lafiny ara-tantara ity, dia indro atolotro ny fanamarihana sy fampianarana nataoko ho an'ny STK momba ny tokony ho fivoaran'ny FPMA.

La FPMA est une église en croissance. Nous retenons pour y parvenir les neuf points proposés par Helmut Weidemann[1] :

- Un conseil d' église qui a une cible et qui tiennent compte de deux dons spirituels absolument nécessaires : don spirituel de la foi et don de direction.
- Des «ouvriers» qualifiés par leurs dons.
- Une joie enthousiaste dans la vie spirituelle et au service du Christ.
- Des structures confirmées et modes de travail.
- Des petites cellules très vivantes (Groupe de maisons, Cellules de quartier, groupes d'intérêt commun, etc.).
- Une diaconie «évangélique» orientée vers les besoins des groupes ciblés afin que l'on puisse témoigner de l'Évangile qui atteint l'être humain et qu'il comprend réellement.
- Des cultes «inspirés» pendant lesquels règne une bonne atmosphère qui permet aux membres de l'Église comme les nouveaux venus de se sentir à l'aise.
- Importance de la discipline dans l'Église.
- Priorité absolue accordée à l'évangélisation.

Nous avons assisté ces dernières années à des remous au sein de la FPMA. Trois nouvelles églises *en diaspora* viennent d'être créées en France par nos anciennes «Églises-mères» et ces églises de Madagascar nous reprochent d'être une «église dissidente», voire même «une secte» pour certains dirigeants. Nous reconnaissons que la FPMA est loin d'être parfaite (d'ailleurs une église ne le peut jamais car elle reste toujours humaine), mais nous nous permettons de saluer la volonté de nos membres d'aller toujours vers l'avant.

## ➲ LAFINY ARA-TSORATRA MASINA SY FOTO-PINOANA TSARA HOTSAROVANA

Efa hatramin'ny andron'ny Tompo Jesoa Kristy no nisy ny olona nanaraka Azy, kinanjo tsy afa-po ka nihemotra. Hoy ny fitantaran'ny Filazantsaran'i Jaona momba izany: « Ary hoy i Jesoa: Izany no nilazako taminareo fa tsy misy olona mahay manatona Ahy, raha tsy nomen'ny Ray azy izany! Nanomboka tamin'io fotoana io dia maro tamin'ny mpianatr'i Jesoa no nihemotra, ka tsy niara-dia taminy intsony. Ka hoy i Jesoa tamin'ny 12 lahy: Ianareo koa ve mba te hiala? Dia novalian'i Simona Petera hoe: Tompo o, hankany

[1] Texte fourni par Erhard MICHEL (FEG) ; traduction Philippe et Elke WIDMER.

amin'iza ary izahay? Ianao no manana ny teny manome ny aina maharitra mandrakizay; sady izahay efa mino sy mahalala fa Ianao no ilay Masina avy amin'Andriamanitra! Fa hoy i Jesoa tamin'ny 12 lahy: Tsy Izaho ve no nifidy anareo 12 lahy? Kanefa devoly ny anankiray aminareo! »*Jaona 6/ 65-70*. Na ireo olom-boafidy akaikin'ny Tompo aza misy tsy izy.

Talohan'io fotoana nanontanian'ny Tompo ny mpianany io, vao avy nampianatra tany an-tendrombohitra ny Izy ka nanao famantarana tamin'ny namokisany ny olona tsy omby dimy arivo tamin'ny alalan'ny mofo dimy sy hazandrano roa monja. Voalaza fa nihataka niala ireo vahoaka Izy sy ny mpianany taorian'izany, kanefa nitady Azy sy nanaraka Azy ireo vahoaka. «Rehefa nahita an'i Jesoa teny ampitan'ny farihy ny vahoaka, dia nanontany Azy hoe: Mpampianatra o, oviana no tonga teto Ianao? Dia novalian'i Jesoa hoe: Lazaiko marina dia marina aminareo fa ny itadiavanareo Ahy dia tsy noho ianareo nahita famantarana, fa noho ianareo nihina-mofo ka voky. Aoka hiasa ianareo, tsy hoe hahazoana ny sakafo mety levona, fa hahazoana ny sakafo matana ho aina maharitra mandrakizay, dia ilay homen'ny Zanak'olona anareo; fa Izy no efa nasian'Andriamanitra ny mariky ny fahefana nomeny Azy. Dia hoy ireo tamin'i Jesoa: Inona ary no tokony hataonay mba hanatontosanay ireo asan'Andriamanitra? Fa novalian'i Jesoa hoe: Izao no asa imasoan'Andriamanitra, dia ny hinoanareo Ilay nirahiny!» *Jaona 6/ 25-29*. Olona tsy vonona ny hanompo sy hanao ny sitrapon'Adriamanitra, fa olona mitady tombontsoa manokana sy mifikitra amin'ny mahafapo ara-nofo fotsiny.

Rehefa avy nampianatra ny mpianany hahay manetry tena sy hifanompo i Jesoa, tamin'ny nanasany ny tongotr'izy ireo araka ny fomba jiosy. Niara-nisakafo taminy Izy, ary teo no nanondroany ny ray amin'iy ireo izay hamadika Azy. Niala teo ampihinanana i Jodasy. Nanafatrafatra ny mpianany ny amin'ny handaozany azy ireo tsy ho ela tsy hiaraka Aminy mivantana hita maso intsony Izy, ka nanome azy ireo fepetra sy marika hampiavaka azy ireo : «Vetivety foana sisa hitoerako eto aminareo, rey anaka; hitady Ahy ianareo ary toy ny voalazako tamin'ny Jiosy hoe: Izay alehako tsy azonareo aleha, no lazaiko aminareo koa ankehitriny. Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo koa. Ny hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, dia raha mifankatia ianareo.» *Jaona 13/ 33-35*.

Noraisiko ireo andalan-tSoratra masina ireo, satria manan-kolazaina amintsika mandraka ankehitriny, tsy ato amin'ny FPMA ihany, fa amin'ny Fiangonana kristiana rehetra momba ny fiheverana ny fanompoana an'Andriamanitra. Mahalasa eritreritra tokoa mantsy, fa any Madagasikara dia feno mandrakariva ny Fiangonana ankehitriny. Vao mangiran-dratsy ka mandra-pilentiky ny masoandro, mitohy hatramin'ny alina mandra-patory, dia misy tsy tapaka ny fitoriana ny Filazantsara, na amin'ny alalan'ny onjam-peo (Radio), na amin'ny Fahitalavitra. Mivavaka ny Malagasy ! Mahagaga kanefa, fa manjaka ny kolikoly eo amin'ny sehatra samihafa, tsy misy ny fandriampahalemana fa mandry tsy lavo loha ary mihorohoro ny vahoaka, na any an-tanan-dehibe na any ambanivohitra. Aiza ny fiantraikan'ny Filazantsara sy ny vavaka ataon'ny olona ? Toa tsy hita akory ! Mampahatsiaro ny tamin'ny andron'ny « Rebik'ondry », fony faha-Ranavalomanjaka II mpanjaka Kristiana. Niorina hatraiza hatraiza ny trano Fiangonana, kanefa tsy « nivavaka » ny olona fa « niangona », tsy te ho ratsy teo anatrehan'ny Mpanjaka. Tsy latsa-paka ny finoana,

fa ny zava-dehibe tamin'ny maro dia ny fisehoana ivelany, ka « nirava samy marina » teo anatrehan'ny Mpitondra ihany.

Mazava ny tenin'ny Tompo : «...Tsy misy olona mahay manatona Ahy, raha tsy nomen'ny Ray azy izany!». Tsy asan'ny saintsika olombelona ny fanatonana sy firaisana amin'Andriamanitra, fa asan'Andriamanitra Irery ihany Izay miantso antsika hanatona Azy : «Mitana ny toky nomeny Andriamanitra Izay niantso anareo hiombona amin'ny Zanany, dia i Jesoa Kristy Tompontsika.» _1Korintiana 1/9_. Miitady tombontsoa manokana ivelany, sy izay mahafinaritra azy ka heveriny ho mahasoa ny olombelona. Hoy kanefa ny Tompo : «. Aoka hiasa ianareo, tsy hoe hahazoana ny sakafo mety levona, fa hahazoana ny sakafo matana ho aina maharitra mandrakizay, dia ilay homen'ny Zanak'olona anareo; fa Izy no efa nasian'Andriamanitra ny mariky ny fahefana nomeny Azy. Dia hoy ireo tamin'i Jesoa: Inona ary no tokony hataonay mba hanatontosanay ireo asan'Andriamanitra? Fa novalian'i Jesoa hoe: Izao no asa imasoan'Andriamanitra, dia ny hinoanareo Ilay nirahiny» _Jaona 6/ 27-29_. Io hanina matana ho aina mandrakizay io no ilay nolazain'ny mpianatra namaly ny fanontanian'ny Tompo, raha te hiala ko aizy ireo, na tsia : «Tompo o, hankany amin'iza ary izahay? Ianao no manana ny teny manome ny aina maharitra mandrakizay; sady izahay efa mino sy mahalala fa Ianao no ilay Masina avy amin'Andriamanitra!» _Jaona 6/68-69_.

« **IZAY TOKONY HAHATAMANA AO AMIN'NY FPMA**», hoy ny lohahevitra natsanganareo hiara-mamakafaka amin'izao Lasim-piangonana izao. Tany amin'ny Synoda Lehibe faha-36 farany teo natao tany Lille dia noresahina ny fironan'ny sasany, indrindra ny tanora, hiala ao amin'ny Fiangonantsika ka mifindra any an-kafa. Natsangana tany amin'ny Synoda ny Vaomiera mitrandraka izay hahatamana ny vahoakan'Andriamanitra ao amin'ny FPMA (Vmianv). Mandray sy mamakafaka ary manolotra mba hohalalinina sy hitadiavana vaha olana ireo hevitra maro miposaka mety tsy hahatamana ny olona io Vaomiera io. Asa goavana ary tsy vita vetivety fa lavitr'ezaka izany. Be ny fanamarihana aroson'ny olona. Tsy sanatria manamaivana velively ireny akory, fa matetika dia ny endrika ivelambelany (forme) no nanaovan'ny olona maro fanamarihana sy fanakianana, fa vitsy ny miresaka ny votoatin-javatra (fond).

## FA INONA NO VOTOATIN-JAVATRA TOKONY HOHALALINNA KOKOA ?

Raha mijery ny tokony ho fivelaran'ny fiainan'ny olona ao amin'ny Fiangonana isika, dia mahatsiaro ny Fanoharana nataon'i Jesoa Kristy «Ary nanolotra fanoharana hafa tamin'ny vahoaka i Jesoa ka nanao hoe: Ny Fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny amin'ity lehilahy namafy voa tsara tamin'ny tanimbariny. Kanjo raha natory ny olona, dia tonga ny fahavalon-dralehilahy tompon-tanimbary ka namafy voan-tsimparifary tamin'ny vary, dia lasa nandeha. Rehefa naniry ny vary ka niteraka dia nipoitra koa ny tsimparifary. Dia avy ny mpanompon-dralehilahy ka nilaza taminy hoe: Tompoko, tsy voa tsara ve no nafafinao tamin'ny tanimbarinao? Koa avy aiza kosa ny tsimparifary? Dia novaliany hoe: Fahavalo no nanao izany! Ary hoy ny mpanompony taminy: Koa tianao ve ny handehananay hanaisotra ny tsimparifary? Fa nataon'ny tompon-tanimbary hoe: Tsia, fandrao hongotanareo mbamin'ny vary raha esorinareo ny tsimparifary! Aoka ihany hiara-maniry izy roroa mandra-piavin'ny

taom-pijinjana; ary amin'izay vao holazaiko amin'ny mpijinja hoe: Esory aloha ny tsimparifary, ka fehezo ho amboarany mba hodorana; fa ny vary kosa, angony ho any an-tsompitro. Ary nanolotra fanoharana hafa indray tamin'ny vahoaka i Jesoa ka nanao hoe: Ny Fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny voan-tsinapy nalain'ity lehilahy anankiray ary nafafiny tany an-tanimboliny. Madinika indrindra amin'ny voa famafy rehetra ny voan-tsinapy, saingy rehefa maniry, dia izy no lehibe indrindra amin'ny anana rehetra sady tonga hazo; dia avy ny voro-manidina manao akany honenana ao amin'ny rantsany. » _Matio 13/24-32_. Sary an'ohatra no omen'ny Tompo eo, dia ny amin'ny **voa** sy ny f**anirin**y ary ny **vokatra andrasana aminy**.

● Ny amin'ny **voa** dia mazava tsara ny voalazan'ny fanoharana : «**voa tsara**». Voa voafantina izany, ary voa antenaina fa haniry sy hitombo ary hamoa. Tsy hafa izany lazain'ny fanoharana izany fa ny Tenin'Andriamanitra. Raha tiana hitombo sy hamoa ao amin'ny Fiangonana, midika ho vahoakan'ny Fanjakan'Andriamanitra, dia tsy fantenana tsara ny voa afafy. Voalazan'ny fanoharana kanefa, ny fahavalo koa, etsy andaniny, dia mamafy voa ratsy. Mitovy endrika amin'ny vary ihany ny tsimparifary raha vao maniry, fa rehefa mitombo sy mamoa izy vao hita miavaka tsara. Ny vary natao ho hanina, fa ny tsimpafiray kosa fako ihany, tsy misy hilàna azy akory, afa-tsy ho sakafon'ny vorona manidina angaha, na lafika hosihosen'ny biby fiompy sasany. Ny olona tsy mitady afa-tsy vary, na izay azo hohanina. Fa ny voromanidina sy ny biby fiompy tsy manan-tsaina ihany no mety hahita soa amin'ny voa ratsy nafafy. Thahaka izany koa ao amin'ny Fiangonana : izay misaina sy vonon-kanao ny sitrapon'Andriamanitra dia mila hanina, vokisan'ny Tenin'Andriamanitra mahavelona. Fa ny revo amin'ny rendrarendra sy ny endrika ivelany no handairan'ny voa ratsy afafin'ny fahavalo.

● Ny amin'ny **fanirin'ny voa** dia misy zavatra roa tsara homarihina :

- Miankina be dia be amin'ny toetry ny tany ny mampaniry tsara ny voa. Efa nataon'ny Tompo fanoharana ny momba izany, raha nilaza izy ny voa nafafy teny amin'ny tany marivo amoron'ny vatolampy, teny anivon'ny tsilo, teny an-dalambe, ary teo amin'ny tany tsara. Sary an'ohatra avokoa izany rehetra izany mba hilazana ny toetry ny fon'ny olona mandray ny Tenin'Andriamanitra. Misy ny entim-pahazarana fotsiny, tsy te handalina sy hamakafaka ary handatsaka am-po, fa mandray ny teny ho toy ny fandrotsirotsiana tsotra. Misy indray ny entin'ny saina aman'eritreritra ary mampifangaro ny finoana amin'ny zava-misy eo anivon'ny fiaraha-monina. Ao anatin'io sokajy io ireo izay mampifandray ny Tenin'Andriamanitra amin'ny olona mitory, ka manjary lavo anaty fakam-panahy roa sosona : na manidrahidra olona (culte de personnalité), na manenjika olona amin'ny tsy antony fa fitsarana ivelany fotsiny. Misy ny manao ny Fiangonana ho tarazo nenti-paharazana fotsiny, fa tsy mahafoy ny rehaka sy ny zava-misy amin'izao fiainana izao. Tsy vitsy ny Kristiana mody mivavaka, kanefa maro ahina sy be erehina, hany ka mihazakazaka mandeha amin'izay heveriny ho manome vaha olana moramora kokoa.

● Ny lafiny fahatelo dia ny amin'ny **vokatra andrasana amin'ny voa nafafy**. Fakam-panahy mandrakariva ny fanantenana vokatra haingana, fa tsy miandry ny fanirin'ny voa nafafy ara-dalàna. Ny tsy fananana faharetana dia mahatonga ny olona ho

dodona hanome tsiny izay heveriny ho tompon'andraikitra, fa tsy mahatsiaro mihitsy na mihevitra ny tenany ho manana andraikitra koa izy.

Raha nanao fampianarana aho indray mandeha momba izay andrasana amin'ny asa misiona eo anivon'ny FPMA aho, dia nanao fanamarihana momba ireo «antso mamitaka» :

« Nous les chrétiens, nous devons apprendre à discerner les esprits mauvais qui font des faux appels à la mission. Je vais vous parler de cinq faux appels.

a) **L'appel « humanitaire»**. Les besoins de l'humanité sont certes un appel. Cependant, rappelons-nous que le chrétien est appelé en premier lieu à évangéliser et non pas à civiliser, ni à faire l'aumône. Si l'éducation, ou le travail social, ou le travail médical sont le but de notre apostolat et en occupent la première place, notre ministère connaîtra tôt ou tard un échec certain car notre vocation ne vient pas nécessairement de Dieu.
b) **L'appel de l'aventure**. Faire activités différentes de l'ordinaire, des oeuvres inhabituelles ; se croire capable de faire des miracles, « être un pionnier intrépide», « Voir des pays inconnus », ainsi retentit l'appel de l'héroïsme. Mais c'est une fausse vocation missionnaire. Rappelons-nous de Pierre qui a sauté par-dessus bord pour aller vers Jésus marchant sur les vagues, mais a failli être englouti par les vagues, car sa foi n'est pas encore suffisante (*Matthieu 14, 26-32*). Il ne faut pas forcer Dieu à faire un miracle qui n'est pas de son propre vouloir mais de notre souhait d'émerveiller.

c) **L'appel de l'exemple.** « Un tel est devenu Diacre», « la plupart des responsables les plus actifs de notre paroisse sont devenus Diacres» ; « c'est bien vu d'être missionnaire » … L'on ne cherche qu'à copier, imiter ce que font les autres. Il y a un dicton qui affirme que « le Diable peut envoyer un homme en pays païen pour l'empêcher de devenir missionnaire. »
d) **L'appel du sacrifice.** Beaucoup cherchent une vie de renoncement, à mériter leur salut. Ils sacrifient la grâce aux oeuvres méritoires. Mais méfions-nous de ce faux appel, de façon à ce que nous n'entendrons pas un jour où, au cri de : « Seigneur, nous avons tout abandonné », Jésus répondra : « Moi, je ne vous connais pas. »
e) **L'appel de l'ambition.** Il y a des gens qui veulent rajouter un titre de plus sur leur carte de visite. De nos jours encore, il en est qui voudraient être assis à la droite ou à la gauche du Seigneur. Ils cherchent une situation «en vue» et pensent la trouver plus rapidement sur les champs missionnaires. Le mobile qui nous pousse à agir ne doit pas être notre propre gloire, mais celle de Dieu.»[2]
f)

Ho famaranana dia misy izao fanamarihana izao, efa nataoko, tiako ampitaina indray :

Selon le philosophe C. Alexandre :« Tout projet suppose la mise en relation de la connaissance de la réalité avec l'envie d'aller ailleurs… faire des projets demande un complément à la froideur de l'analyse, un "courant chaud" qui donne l'élan, arrache aux routines, ouvre au rêve, lance dans les aventures que la raison conseillerait parfois

[2] RAVALITERA J.A, *Les Faux appels et les faux témoignages des Chrétiens dans le monde*, Isantaona Fifohazana FPMA, 2009.

d'éviter»[3]. Mais les idées d'ailleurs nous donnent quelques pistes de réflexion. Il est question de convertir la communauté pour qu'elle cesse de s'angoisser pour sa propre survie et la préservation de son passé idéalisé. Cette véritable conversion mène la communauté à focaliser toute son énergie sur l'appel du Christ à concrétiser de nouvelles formes de témoignage, y compris vers des groupes de personnes distancés de l'Église qui ont aussi des attentes spirituelles même si pour eux, l'Église ne leur sert que comme garantie de leur stabilité sociale et reste distante de leurs préoccupations quotidiennes.

Mais il demeure évident que le critère fondamental n'est pas celui du nombre ni de la croissance à tout prix, mais la fidélité au message évangélique de la grâce et à la vocation de l'annonce de la Parole de Dieu. S. Gambarotto nous prévient à ce sujet : «Il ne faut pas se tromper de priorité et confondre l'Église avec une sorte de libre-service destiné à satisfaire les besoins spirituels des consommateurs attirés par une vitrine plus alléchante que celle d'à côté»[4].

**Le Christ doit rester le point central de focalisation et non la physionomie apparente de l'Église**.

Bordeaux, 11 mars 2017

© Rev. Dr Jean A. RAVALITERA, Filohan'ny FPMA

---

[3] ALEXANDRE Christian, *Oser des Projets,* Paris, Ed. de l'Atelier/Ed. Ouvrières, 1996, p. 37, 91.
[4] GAMBAROTTO, Sylvie, *op.cit.,* p. 146